*Fa vakio hoe :*

| **Sekoly/*Faculté*** | **Sehatra/Sokajy** | **Faharetan' ny fanofanana/Mari-pahaizana omena** |
|---|---|---|
| | ------------------------------- | ------------------------ |
| *4- Faculté des Sciences* | Sehatra : *Sciences et Technologies*<br>Sokajy : *Mathématiques et Informatique (DMI)*<br>Zotram-piofanana :<br>- *Mathématiques et Structures*;<br>- *Mathématiques Appliquées*;<br>- *Mathématiques Informatique et Statistique Appliquées.* | *Master* : enim-bolana folo (10) aorian' ny *Baccalauréat* na enim-bolana efatra (4) aorian' ny *Licence* |
| | ------------------------------- | ------------------------ |

Ny sisa tsy misy fiovana.

## MINISITERAN' NY TONTOLO IAINANA SY NY ALA

### DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2013-880

**amerana ny Politikam-pirenena momba ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana ho amin' ny Fampandrosoana Maharitra *(PErEDD).***

Ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny lalàna laharana faha-2011-014 tamin' ny 28 desambra 2011 ampidirana ao amin' ny an-tanatohatry ny lalàna anatiny ny Tondrozotra nosoniavin' ny mpanao politika malagasy ny 17 septambra 2011,

Araka ny lalàna laharana faha-90-033 tamin' ny 21 desambra 1990, novan' ny lalàna laharana faha-97-012 tamin' ny 6 jona 1997 anaovana ny Dina momba ny Tontolo iainana Malagasy,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-653 tamin' ny 28 oktobra 2011 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemantan' ny Tetezamitan' ny Firaisam-pirenena,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-687 tamin' ny 21 novambra 2011, novan' ny didim-panjakana laharana faha-2012-495 sy laharana faha-2012-496 tamin' ny 13 aprily 2012, laharana faha-2013-635 tamin' ny 28 aogositra 2013, laharana faha-2013-662 sy laharana faha-2013-663 tamin' ny 4 septambra 2013, laharana faha-2013-814 tamin' ny 8 novambra 2013, anendrena ny mambra ao amin' ny Governemantan' ny Tetezamitan' ny Firaisam-pirenena,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2010-647 tamin' ny 6 jolay 2010 novana sy nofenoin' ny didim-panjakana laharana faha-2011-486 tamin' ny 6 septambra 2011 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Ala ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany,

Araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Ala,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didim-panjakana izao :

Andininy voalohany. – Ho fampiharana ny lalàna laharana faha-90-033 tamin' ny 21 desambra 1990 anaovana ny Dina momba ny Tontolo iainana, ity didim-panjakana ity no mametra ny Politikam-pirenena momba ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana ho amin' ny Fampandrosoana Maharitra, antsoina hoe *«PErEDD»*, izay atovana aminy, ary manana tanjona amin' ny fanovana ny Politikam-pirenena momba ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana, antsoina hoe *«PERE»*.

And. 2. – Raha ilaina, dia hisy rijan-teny amam-pitsipika hamaritra ny fomba fampiharana ity didim-panjakana ity.

And. 3. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' ity didim-panjakana ity, indrindra ny didim-

*Lire :*

| **Ecole/Faculté** | **Domaine/Mention** | **Durée de la formation/Diplômes délivrés** |
|---|---|---|
| | ------------------------------- | ------------------------ |
| 4- Faculté des Sciences | Domaine : Sciences et Technologies<br>Mention : Mathématiques et Informatique (DMI)<br>Parcours :<br>- Mathématiques et Structures;<br>- Mathématiques Appliquées;<br>- Mathématiques Informatique et Statistique Appliquées. | Master : Dix (10) semestres après le Baccalauréat ou quatre (4) semestres après la Licence |
| | ------------------------------- | ------------------------ |

Le reste sans changement.

## MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DES FORETS

### DECRET N° 2013-880

**fixant la Politique Nationale de l'Education relative à l'Environnement pour le Développement Durable (PErEDD).**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 2011-014 du 28 décembre 2011 portant insertion dans l'ordonnancement juridique interne de la Feuille de Route signée par les acteurs politiques malgaches le 17 septembre 2011,

Vu la loi n° 90-033 du 21 décembre 1990, modifiée par la loi n° 97-012 du 6 juin 1997 portant Charte de l'Environnement Malagasy,

Vu le décret n° 2011-653 du 28 octobre 2011 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement de Transition d'Union Nationale,

Vu le décret n° 2011-687 du 21 novembre 2011, modifié par les décrets n° 2012-495 et n° 2012-496 du 13 avril 2012, n° 2013-635 du 28 août 2013, n° 2013-662 et n° 2013-663 du 4 septembre 2013, n° 2013-814 du 8 novembre 2013, portant nomination des membres du Gouvernement de Transition d'Union Nationale,

Vu le décret n° 2010-647 du 6 juillet 2010 modifié et complété par le décret n° 2011-486 du 6 septembre 2011 fixant les attributions du Ministre de l'Environnement et des Forêts ainsi que l'organisation générale de son Ministère,

Sur proposition du Ministre de l'Environnement et des Forêts,

En Conseil du Gouvernement,

Décrète :

Article premier. – En application de la loi n° 90-033 du 21 décembre 1990 portant Charte de l'Environnement, le présent décret fixe la Politique Nationale de l'Education relative à l'Environnement pour le Développement Durable, dénommée «PErEDD», qui est en annexe, et ayant pour objet la refonte de la Politique Nationale de l'Education Relative à l'Environnement dénommée «PERE».

Art. 2. – Des textes réglementaires précisent, en tant que de besoin, les modalités d'application du présent décret.

Art. 3. – Toutes dispositions antérieures contraires à celles du présent décret sont et demeurent abrogées, notamment le décret

panjakana laharana faha-2002-751 tamin' ny 31 jolay 2002, mamaritra ny Politikam-pirenena momba ny fanabeazana mikasika ny tontolo iainana.

And. 4. – Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fampandrosoana sy ny Fanajariana ny Tany, ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Toekarena sy ny Indostria, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ny Minisitry ny Fambolena, ny Minisitry ny Varotra, ny Minisitry ny Fifandraisana, ny Minisitry ny Kolontsaina sy ny Vakoka, ny Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana, ny Minisitry ny Rano, ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ny Minisitry ny Fiompiana, ny Minisitry ny Angovo, ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana amin' Asa Amandraharaha, ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, ny Minisitry ny Foloalindahy, ny Minisitry ny Akoranafo, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Tanora sy ny Alavoly, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Harena an-kibon' ny tany, ny Minisitry ny Jono sy ny Haren' ny Atirano, ny Minisitry ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy, ny Minisitry ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao, ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Asa tànana, ny Minisitry ny Fifandraisana amin' ny Andrimpanjakana, ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, ny Minisitry ny Filaminana Anatiny, ny Minisitry ny Fanatanjahan-tena, ny Minisitry ny Fizahantany, ny Minisitry ny Fitaterana, ny Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Famantarana ny toetr' andro, ny Sekreterampanjakana miandraikitra ny Zandarimariam-pirenena, no miadidy araka ny tandrify azy avy ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay ho raketina am-boky sy havoaka amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 23 desambra 2013.
Jean Omer BERIZIKY.

Avy amin' ny Praiminisitra,
Lehiben' ny Governemanta :

*Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fampandrosoana sy ny Fanajariana ny Tany,*
Julien REBOZA.

*Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Toekarena sy ny Indostria,*
Pierrot BOTOZAZA.

*Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny,*
mpisolo toerana vonjimaika,
Jacques Ulrich RANDRIANTIANA.

*Ny Minisitry ny Fambolena,*
Rolland RAVATOMANGA.

*Ny Minisitry ny Varotra,*
Olga RAMALASON.

*Ny Minisitry ny Fifandraisana,*
Harry Laurent RAHAJASON.

*Ny Minisitry ny Kolontsaina sy ny Vakoka,*
Elia RAVELOMANANTSOA.

*Ny Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana,*
Ruffine TSIRANANA.

*Ny Minisitry ny Rano,*
mpisolo toerana vonjimaika,
Julien REBOZA.

*Ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena,*
Régis MANORO.

*Ny Minisitry ny Fiompiana,*
Ihanta RANDRIAMANDRANTO.

*Ny Minisitry ny Angovo,*
Nestor RAZAFINDRORIKA.

*Ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika,*
Etienne Hilaire RAZAFINDEHIBE.

n° 2002-751 du 31 juillet 2002, fixant la politique nationale de l'éducation relative à l'environnement.

Art. 4. – Le Vice-Premier Ministre chargé du Développement et de l'Aménagement du Territoire, le Vice-Premier Ministre chargé de l'Economie et de l'Industrie, le Ministre des Affaires Etrangères, le Ministre de l'Agriculture, le Ministre du Commerce, le Ministre de la Communication, le Ministre de la Culture et du Patrimoine, le Ministre de la Décentralisation, le Ministre de l'Eau, le Ministre de l'Education Nationale, le Ministre de l'Elevage, le Ministre de l'Energie, le Ministre de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique, le Ministre de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle, le Ministre des Finances et du Budget, le Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales, le Ministre des Forces Armées, le Ministre des Hydrocarbures, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de la Jeunesse et des Loisirs, le Ministre de la Justice, le Ministre des Mines, le Ministre de la Pêche et des Ressources Halieutiques, le Ministre de la Population et des Affaires Sociales, le Ministre des Postes, Télécommunications et Nouvelles Technologies, le Ministre de la Promotion de l'Artisanat, le Ministre des Relations avec les Institutions, le Ministre de la Santé Publique, le Ministre de la Sécurité Intérieure, le Ministre des Sports, le Ministre du Tourisme, le Ministre des Transports, le Ministre des Travaux Publics et de la Météorologie, le Secrétaire d'Etat chargé de la Gendarmerie Nationale, sont chargés, chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent décret, qui sera enregistré et publié au Journal officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 23 décembre 2013.
Jean Omer BERIZIKY.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement :

*Le Vice-Premier Ministre chargé du Développement et de l'Aménagement du Territoire,*
Julien REBOZA.

*Le Vice-Premier Ministre chargé de l'Economie et de l'Industrie,*
Pierrot BOTOZAZA.

*Le Ministre des Affaires Etrangères,*
par intérim,
Jacques Ulrich RANDRIANTIANA.

*Le Ministre de l'Agriculture,*
Rolland RAVATOMANGA.

*Le Ministre du Commerce,*
Olga RAMALASON.

*Le Ministre de la Communication,*
Harry Laurent RAHAJASON.

*Le Ministre de la Culture et du Patrimoine,*
Elia RAVELOMANANTSOA.

*Le Ministre de la Décentralisation,*
Ruffine TSIRANANA.

*Le Ministre de l'Eau,*
par intérim,
Julien REBOZA.

*Le Ministre de l'Education Nationale,*
Régis MANORO.

*Le Ministre de l'Elevage,*
Ihanta RANDRIAMANDRANTO.

*Le Ministre de l'Energie,*
Nestor RAZAFINDRORIKA.

*Le Ministre de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique,*
Etienne Hilaire RAZAFINDEHIBE.

# TOVANA

## POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY FANABEAZANA MIKASIKA NY TONTOLO IAINANA HO AMIN' NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA *(PErEDD)*

### TENY FANOLORANA

Fanta-daza maneran-tany amin' ny harena voajanahary tokana misy ao aminy i Madagasikara. Harena voajanahary izay antompisiana ihany koa, iankinan' ny fiveloman' ny ampahany betsaka amin' ireo mponina ao aminy.

Ny Olombelona no ivon' ny tontolo iainana araka ny fotokevitra voarakitry ny fampandrosoana maharitra, ary tsy misy afatsy amin' ny alalany ary ho azy irery ihany no iarovana izany. Tsy mitsaha-mitombo ny isan' ny mponina eto Madagasikara, tsy tambo isaina koa ireo zava-tsoa azony avy amin' ny tontolo iainana. Trandrahany ihany koa izany, matetika amin' ny fomba tsy aradalàna, simbainy mihitsy, nefa azony atao koa ny miaro azy.

Resy lahatra noho izany ny Governemanta Malagasy fa ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana *(ErE)* dia singa manandanja ahatongavana amin' ny fampidirana ny filan' ny mponina amin' ny fitantanana maharitra ny tontolo iainana.

Amin' izany, dia napetraka tamin' ny taona 2002 ny Politikampirenena momba ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana *(PERE)*. Ny tanjona fototra amin' izany dia ny fivoizana ny fahatsapan-tenan' ny mponina momba ny tontolo iainana, ny fanajana ny aina sy ny tontolo iainana, ny firaisankinam-pirenena ary ny fanajana ny tena sy ny hafa.

Kanefa, noho ny lesoka teo amin' izany politika izany, na eo amin' ny lafiny ara-drafitra, na ny fanatanterahana azy, ny Minisiteran' ny Tontolo iainana sy ny Ala, miara-miasa amin' ireo Minisitera isan-tsokajiny sy ireo Antokon-draharaha mpiaramiombon' antoka aminy dia nanatanteraka ny fampanarahana toetr' andro ny *PERE*. Ho solony ary dia apetraka ny Politikam-pirenena momba ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana ho amin' ny Fampandrosoana Maharitra *(PErEDD)*.

Izany fanaovana tsy ho maty paikandro izany dia ilaina amin' ny fanarahana ny fironan-kevitra eo amin' ny lafiny iraisam-pirenena izay miha-miompana tsikelikely mankany amin' ny fametrahana ny fampandrosoana maharitra. Ankoatra izany, taorian' ny fihaonambe *Rio+20* natao tany Brésil, ny fiharian-karena maitso dia tokony ampiasaina ho fanoitra lehibe ahatongavana amin' ny fampandrosoana.

Ity antontan-kevitra ity dia vokatry ny fiaraha-mikaon-doha teo amin' ny mpisehatra samihafa (miankina sy tsy miankina amin' ny Fanjakana), izay miasa eo amin' ny sehatra *ErE* ary zary mamehy amin' ny ankapobeny ny asa aman-draharaha mifandraika amin' izany.

Na izany aza anefa, ny fampiharana ny *PErEDD* dia tsy ho tanteraka raha tsy amin' ny alalan'ny fifarimbonan' ireo mpandray anjara rehetra : ny Fanjakana, ny *ONGs*, ny sehatra tsy miankina, ny Vondrom-bahoaka, eny hatramin' ny isam-batan' olona aza.

Manasa ny rehetra ary ny tenako mba handray anjara mavitrika amin' ny fampiharana izany satria ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana ho amin' ny Fampandrosoana Maharitra *(ErEDD)* dia andraikitry ny rehetra. Noho izany, iza tokoa moa no afaka hiaro ny tontolo iainana raha tsy ny mponina mandray andraikitra, nahazo fanabeazana mikasika izany ary saropiaro amin' ireo harena voajanahary tsy manam-paharoa misy eo amin' ny taniny?

Ety am-pamaranana, amin' ny anaran' ny Minisiteran' ny Tontolo iainana sy ny Ala, dia atolotro etoana ny fisaorana ho an' ireo rehetra nandray anjara, na mivantana na an-kolaka, tamin' ny fanatontosana izao antontan-kevitra izao.

*Ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Ala,*

**I. FAMARITANA NY TENY FOTOTRA**

# ANNEXE

## POLITIQUE NATIONALE DE L'EDUCATION RELATIVE A L'ENVIRONNEMENT POUR LE DEVELOPPEMENT DURABLE (PErEDD)

### PRÉFACE

Madagascar abrite une nature unique au monde qui fait sa renommée à l'échelle internationale. Une nature qui constitue aussi un moyen de subsistance, voire de survie pour une grande partie de sa population.

La préservation de l'environnement ne saurait se faire que pour et par l'Homme qui selon le concept de développement durable en est le centre. La population Malagasy avec sa démographie croissante tire les bienfaits de l'environnement. Elle l'exploite aussi, parfois de manière illicite, le détruit, mais elle peut également le protéger.

Le Gouvernement Malagasy est ainsi convaincu que l'Education relative à l'Environnement (ErE) de la population est un élément essentiel pour parvenir à une harmonisation des besoins de la population et à la gestion pérenne de l'environnement.

A cet effet, la Politique Nationale d'Education Relative à l'Environnement (PERE) a été mise au point en 2002. Elle avait comme principaux objectifs la promotion de la conscience environnementale de la population, le respect de la vie et de l'environnement, la solidarité nationale et le respect des autres et de soi-même.

Néanmoins, suite au constat de lacunes dans cette politique tant sur le plan institutionnel que dans la mise en œuvre, le Ministère de l'Environnement et des Forêts en collaboration avec les Ministères sectoriels et les Organismes partenaires a procédé à l'actualisation de la PERE. En remplacement, la Politique Nationale de l'Education Relative à l'Environnement pour le Développement Durable (PErEDD) est désormais mise en place.

Cette mise à jour est d'autant plus nécessaire que la tendance mondiale s'achemine d'avantages vers la mise en place du mécanisme de développement durable. D'ailleurs, suite à la conférence de Rio + 20 au Brésil, l'économie verte devrait constituer le principal levier pour le développement.

Le présent document est issu du travail concerté entre les différents acteurs (public et privé) œuvrant dans le domaine de l'ErE et constitue un cadrage global pour toutes les activités y afférentes.

La mise en œuvre de la PErEDD ne saurait toutefois être effective sans l'engagement de toutes les parties prenantes : l'Etat, les ONGs, le secteur privé, les collectivités et jusqu'aux individus.

J'exhorte ainsi tout un chacun à participer à sa mise en œuvre car l'Education Relative à l'Environnement pour le Développement Durable (ErEDD) est l'affaire de tous. En effet, qui serait à même de protéger l'environnement si ce n'est une population responsable, éduquée en la matière et jalouse de la nature exceptionnelle dont elle dispose?

Pour finir, au nom du Ministère de l'Environnement et des Forêts, je tiens à remercier tous ceux qui ont contribué de près ou de loin à la réalisation de ce document.

*Le Ministre de l'Environnement et des Forêts,*

**I. DÉFINITION DES MOTS CLÉS**

• **Tontolo iainana[1] :**

Fitambaran' ireo tontolo voajanahary, voavoatran' olombelona anisan' izany ireo singa mifandraika amin' ny olona sy ny fiarahamonina ary ny kolontsaina ka mahakasika ny fampandrosoana eto amin' ny firenena.

• **Fanabeazana[2] :**

Ny Fanabeazana dia zohim-pianarana maro loha ka ny fiafarany dia ny fampandrosoana (ny fanatontosana, ny fivelarana, ny fampanarahana toetr' andro, ...) ny isam-batan' olona eo anivon' ny vondrom-piaraha-monina misy azy, araka ny mampiavaka ny karazana sy ny fepetra iainan' ny olona toy ny kolontsaina sahaza izay mamaritra izany. Mihoatra lavitra noho ny fampahalalana, ny fifandraisana, ny fampianarana na ny fanofanana.

• **Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana *(ErE)*[3] :**

Zohim-pianarana mitarika ny isam-batan' olona sy ny vondron' olona hahatsapa ny fifandrohizan' ny tontolo iainana, na ny voajanahary izany na ny voavoatran' olombelona-fifandrohizana vokatry ny fifandraisana misy eo amin'ny zava-manan' aina, tontolo tsy miaina, fiaraha-monina, toekarena ary kolontsaina ary koa hanovo ny fahalalana, ny soatoavina, ny fihetsika ary ny fahaizamanao ilaina ho fandraisana andraikitra sy fandraisana anjara mahomby amin' ny fisorohana sy fitadiavam-bahaolana momba ny Tontolo iainana, sy ny fitantanana ny fahatsaran' ny Tontolo iainana.

• **Fampandrosoana maharitra *(DD)*[4] :**

Fampandrosoana mamaly ny filan' ny ankehitriny ka tsy manakantsakana ny fahafahan' ireo taranaka any aoriana hamaly ireo ho filany koa. Ny fampandrosoana maharitra dia miainga amina vina lavitr' ezaka izay manome vahana ny tsy fampisarahana ny hadiry ara-tontolo iainana, ara-kolontsaina, ara-piaraha-monina ary ara-toekaren' ireo asa aman-draharaha momba ny fampandrosoana.

• **Fanabeazana ho amin' ny Fampandrosoana Maharitra[5] :**

Fanovozana fahalalana, soatoavina ary foto-kevitra mikasika ny fampandrosoana maharitra.

• **Fanabeazana Mikasika ny Tontolo iainana ho amin' ny Fampandrosoana Maharitra :**

Zohim-pianarana anovozan' ny isam-batan' olona sy ny vondron' olona ny fahalalana sy ny soatoavina tsy maintsy hananana ahafahana mamantatra ny tontolo iainana misy azy ka ifandraisany tsy ankiato amin' ireo singa hafa misy ao amin' izany. Fahalalana ahafahana araka izany mampivoitra ireo fihetsika, fomba fanao ary fahaiza-manao ilaina amin' ny fisorohana sy fitadiavam-bahaolana momba ny tontolo iainana, mba hamaliana ny filan' ireo olona miaina ankehitriny nefa koa tsy hanakantsakana ny fahafahan' ireo taranaka any aoriana hamaly ireo ho filany.

• **Fanabeazana manara-drafitra[6] :**

Fanabeazana omen' ny rafi-panabeazana mahazatra, narafitra isaky ny sokajiny ary nalamina manaraka ireo ambaratonga nifanesy, miainga any amin' ny fampianarana ambaratonga fototra ka mipaka hatrany amin' ny fampianarana ambaratonga ambony.

• **Fanabeazana malala-drafitra[7] :**

Asa fanabeazana alamina ivelan' ny rafi-pampianarana ofisialy ho an' ireo vondron' olona manokana manaraka ny tanjompampianarana miavaka.

• **Fanabeazana tsy manara-drafitra[8] :**

Zohim-pianarana ahafahan' ny isam-batan' olona rehetra mandray ny fihetsika, ny soatoavina, ny fahaiza-manao ary ny fahalalana hampitomboana ny traikefa eo amin' ny fiainana andavanandro, ohatra eo anivon' ny fianakaviana, ny namana, ny vondron' olona mitovy amin' ny tena, any amin' ny haino aman-jery ary vokatry ny fitarihana hafa sy zava-misy eo amin' ny tontolo manodidina.

1 Famaritana nalaina tao amin' ny Dina momba ny Tontolo iainana malagasy, 2012
2 Famaritana avy amin' ny fandaharanasa *ARPEGE*, 2006
3 Famaritana avy amin' ny Fihaonam-be tany Tbilissi, 1977
4 Famaritana nalaina tao amin' ny Dina momba ny Tontolo iainana malagasy, 2012
5 Famaritana nalaina tao amin' ny Tatitra momba ny Fizohina sy Fanombanana ny *DEDD-UNESCO* 2004-2005
6 Famaritana nomen' ny *UNESCO* tao amin' ny tanora, fanabeazana ary asa amin' ny fiandohan' ny taonjato manaraka sy ny aorian' izany, 1998
7 Mitovy
8 Mitovy

**Environnement[1] :**

C'est l'ensemble des milieux naturels, artificiels y compris les facteurs humains et socioculturels qui intéressent le développement national.

**Education[2] :**

L'Education est un processus d'apprentissage complexe dont la finalité est le développement (la réalisation, l'épanouissement, l'actualisation,...) de la personne au sein de son groupe social, conformément aux spécificités de l'espèce et de la condition humaine telle que chaque culture ambiante les définit. Elle est plus que l'information, la communication, l'enseignement ou la formation.

**Education relative à l'Environnement (ErE)[3] :**

C'est un processus qui amène les individus et les collectivités à saisir la complexité de l'Environnement, tant naturel que créé par l'homme-complexité due à l'interaction de ses aspects biologiques, physiques, sociaux, économiques et culturels ainsi qu'à acquérir les connaissances, les valeurs, les comportements et les compétences pratiques nécessaires pour participer de façon responsable et efficace à la prévention et à la solution des problèmes de l'Environnement et à la gestion de la qualité de l'Environnement.

**Développement durable (DD)[4] :**

C'est un développement qui répond aux besoins du présent sans compromettre la capacité des générations futures à répondre à leurs besoins à venir. Le développement durable s'appuie sur une vision à long terme qui prend en compte le caractère indissociable des dimensions environnementales, culturelles, sociales et économiques des activités de développement.

**Education en vue du Développement Durable (EDD)[5] :**

C'est l'acquisition de connaissances, de valeurs et de concepts relatifs au développement durable.

**Education Relative à l'Environnement pour le Développement Durable (ErDD) :**

C'est un processus d'apprentissage par lequel les individus et les collectivités acquièrent les connaissances et les valeurs essentielles à la compréhension de l'environnement dans lequel l'homme interagit continuellement avec les autres éléments qui le constituent. Acquis permettant par la suite de développer les attitudes, les comportements et les compétences nécessaires à la prévention et à la solution des problèmes de l'Environnement dans l'optique de répondre aux besoins des générations présentes sans compromettre la capacité des générations futures à répondre aux leurs.

**Education formelle[6] :**

C'est l'éducation qui est dispensée par le système éducatif classique, hiérarchiquement structuré et organisé selon des paliers successifs, de l'enseignement primaire à l'enseignement supérieur.

**Education non formelle[7] :**

Ce sont les activités éducatives organisées en dehors du système d'enseignement officiel à l'intention de groupes particuliers poursuivant des objectifs d'apprentissage spécifiques.

**Education informelle[8] :**

C'est le processus qui permet à tout individu d'acquérir des attitudes, des valeurs, des compétences et des connaissances à la faveur de l'expérience quotidienne, par exemple auprès de la famille, des amis, des groupes de pairs, dans les médias et sous l'effet d'autres influences et facteurs présents dans son environnement.

1 Définition issue de la Charte de l'Environnement malagasy 2012
2 Définition issue du programme ARPEGE, 2006
3 Définition issue de la Conférence de Tbilissi en 1977
4 Définition issue de la Charte de l'Environnement malagasy, 2012
5 Définition issue du Rapport de Suivi et Evaluation de DEDD-UNESCO 2004-2005
6 Définition donnée par l'UNESCO dans jeunesse, éducation et action au seuil du siècle prochain et au-delà 1998
7 Idem
8 Idem

## II. Fampidirana

Taorian' ny nisarahany tamin' ny kaontinanta afrikana an-tapitrisany taona lasa izay, ny fahasamihafan' ny zava-manan' aina eto Madagasikara dia nivoatra tao aminy. Araka izany, toerana manan-kasina misy ny harena voajanahary, ny Nosy Lehibe dia ahitana ireo karazam-biby sy zava-maniry tsy hita any amin' ny toeran-kafa afa-tsy ao aminy manerana izao tontolo izao.

Na izany aza anefa, io harena voajanahary tokana maneran-tany io dia tandindomin-doza satria ny ankamaroan' ny mponina dia mahantra avokoa, hita fototra ny fiankinana be loatra amin' ny toerana voajanahary ary ny asa aman-draharaha amin' ny fivelomana andavanandro dia hita amin' ny fitrandrahana ny harena voajanahary amin' ny fomba tsy ara-dalàna. Ny olana ara-toekarena sy sosialy izay manjaka eto amin' ny firenena dia mitarika ny tsy fandraisana andraikitra ka mitera-doza araka izany ho an' ny tontolo iainana.

Ankoatra izany, maro ireo olana ara-tontolo iainana hita fototra indrindra ny trangan' ny fahalotoan' ny rivotra, ny rano, ny tany ary ireo sembantsembana isan-karazany ateraky ny indostria sy ny asa aman-draharaha ara-toekarena hafa ary koa ny fivangongoan' ny fako vokatry ny tsy fahampian' ny enti-manana sy ny fotodrafitrasa. Tsy hadinoina ireo tranga avy amin' ny antony ivelany, toy ny fiovaovan' ny toetr' andro ary efa tsapa tsikelikely amin' izao ny fiantraikany. Manampy trotraka izany ny faosan' i Madagasikara manoloana ny fiovaovan' ny toetr' andro noho izy isan' ireo firenena andalam-pandrosoana.

Manoloana ireo toe-javatra rehetra ireo, ny *ErEDD* dia mitana anjara toerana lehibe amin' ny fomba fiarovana ny Tontolo iainana satria manana ny zavatra iantefana farany dia ny isam-batan' olona izany, mampiroborobo ny vokatra mafonja amin' ny fototra mafy sy ho hita soritra maharitra.

Madagasikara dia efa mizotra mankany amin' ny lalan' ny *ErE* amin' ny alalan' ny fametrahana ho maty paika ny didim-panjakana laharana faha-2002-751 tamin' ny 31 jolay 2002 mametra ny Politikam-pirenena momba ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana *(PERE)*. Na izany aza anefa, ny *PERE* dia misy fetrany satria tsy manome fahalalana mitovy mikasika ny atao hoe *ErE*; tsy mamaritra ny sori-dalana mazava ny amin' ny toerana misy ny mpisehatra ary ahitana lesoka mikasika ny fandrindrana sy ny filaminan' ny asa, izay mitarika ny mpisehatra tsirairay hanao izay tiany hatao; ny fitaovana manana-drafitra sy fitantanam-bola ho amin' ny fanatanterahana izany dia tsy miasa araka ny tokony ho izy, tsy nisy ihany koa ny fanatanterahana ny fizohina fanombanana eo anivon' ny firenena[9].

Ao anatin' ny sehatr' izany fanaovana tsy ho maty paikandro izany, Madagasikara dia miray tendro amin' ireo fifanarahana iraisam-pirenena izay manamafy ny tokony ametrahana ny fanabeazana mikasika ny tontolo iainana any anatin' ny fandaharam-pampianaran' ny firenena tsirairay. Ny Toko 36 ao amin' ny Diary 21 izay narafitra nandritra ny Fihaonambe tany Rio de Janeiro (Brésil) tamin' ny jona 1992 dia mahakasika ny Fampiroboroboana ny fanabeazana, ny fanentanana ny vahoaka ary ny fampiofanana. Ny Fihaonam-be tany Tbilissi (Géorgie) tamin' ny volana oktobra 1977 sy ny Fihaonam-be tany Tbilissi +35 tamin' ny volana septambra 2012, dia samy miompana amin' ny fanabeazana mikasika ny tontolo iainana sy ny fanabeazana ny tontolo iainana ho amin' ny fampandrosoana maharitra. Ny tanjon' ny Taonarivo ho amin' ny Fampandrosoana *(OMD)* dia milaza ao amin' ny tanjona faha-2 : «Fiantohana ny fanabeazana fototra ho an' ny rehetra» ary ao amin' ny tanjona faha-7 : «Fiantohana tontolo iainana maharitra».

9 jereo *Valeur scientifique et référence en ErE à Madagascar*, Tome I, UNESCO, 2011.

## II. Introduction

Suite à sa séparation du continent africain il y a des millions d'années, la bioversité de Madagascar a évolué en vase clos. Ainsi, vrai sanctuaire de la nature, la Grande Ile compte des espèces animales et végétales qui ne se rencontrent nulle part ailleurs dans le monde.

Cette nature unique au monde est toutefois menacée car la population étant majoritairement pauvre, on constate une forte dépendance au milieu naturel et les activités de subsistance se traduisent par une exploitation irrationnelle des ressources naturelles. La précarité économique et sociale prévalant dans le pays, de laquelle résulte des comportements irresponsables constitue ainsi une menace pour son environnement.

Par ailleurs de nombreux problèmes environnementaux sont constatés notamment des cas de pollution de l'air, de l'eau, du sol et des nuisances diverses dues aux industries et autres activités économiques, ainsi que l'amoncellement des ordures causés par le manque de moyens et d'infrastructures. Sans oublier les phénomènes ayant des origines d'ordre externe tel le changement climatique et dont les effets se font sentir de plus en plus. Qui plus est, Madagascar comme la plupart des pays en développement présente une forte vulnérabilité face au changement climatique.

Face à cette situation, l'ErEDD tient une place importante dans toute démarche de protection de l'Environnement car ayant pour cible ultime l'individu, elle favorise des résultats ancrés sur des bases solides et s'inscrivant sur le long terme.

Madagascar est déjà engagé sur la voie de l'ErE à travers la mise au point du décret n° 2002-751 du 31 juillet 2002 fixant la Politique Nationale d'Education Relative à l'Environnement (PERE). La PERE présente néanmoins des limites car elle ne fournit pas une compréhension commune de ce qu'est l'ErE; elle ne définit pas des orientations claires à l'endroit des acteurs et présente une lacune en matière de coordination de l'harmonisation des actions, ce qui a incité chaque acteur à agir à sa guise; les moyens structurels et financiers pour sa mise en œuvre sont respectivement non appliqués et non coordonnés; de même aucun suivi-évaluation au niveau national n'a été effectué[9].

Dans le cadre de cette mise à jour, Madagascar adhère aux résolutions prises au niveau international préconisant l'établissement d'une éducation relative à l'environnement dans les programmes des pays. Le Chapitre 36 de l'Agenda 21 issu du Sommet de Rio de Janeiro (Brésil) en juin 1992 porte sur la Promotion de l'éducation, de la sensibilisation du public et de la formation. La Conférence de Tbilissi (Géorgie) au moins d'octobre 1977 et la Conférence de Tibilissi + 35 au mois de septembre 2012 sont axées respectivement sur l'éducation relative à l'environnement et l'éducation environnementale pour un développement durable. L'Objectif du Millénaire pour le Développement (OMD) énonce dans l'objectif 2 : «Assurer l'éducation primaire pour tous» et dans l'objectif 7 : «Assurer un environnement durable».

9 cf. Valeur scientifique et référence en ErE à Madagascar, Tome I, UNESCO 2011.

Ny fanaovana tsy ho maty paikandro ny *PERE* dia tokony ho atao. Ankoatra izany, ilaina ny sori-dàlana momba ny rafi-panabeazana amin' ny endriny rehetra (manara-drafitra, malala-drafitra ary tsy manara-drafitra), mba hamolavolana ny olom-pirenena afaka mampifandray ny fampandrosoana ara-toekarena, fivoarana ara-tsosialy sy ny fiarovana ny tontolo iainana. Raha afohezina ny filazana azy, ny tanjona amin' izany dia ny hanana mponina mivelatra amin' ireo soatoavina vohizin' ny fampandrosoana maharitra mba ahafahana manangana Firenena matanjaka sy manan-karena.

Ny votoatin' izao tahirin-kevitra izao dia ny famolavolana politika mikendry ny fametrahana ny fanabeazana momba ny tontolo iainana, amin' ny ambaratonga eto amin' ny Firenena, fitaovana ilaina ho an' ny firenena amin' ny fizorana mankany amin' ny fampandrosoana maharitra *(DD)*. Izany dia mahatafiditra ny fanomezana sori-dàlana ny mpisehatra mba hiantohana ny filaminan' ny asa rehetra mankany amin' ny zotran' ny fanabeazana mikasika ny tontolo iainana.

Ny *ErE* dia fomba iray ahafahana manova ny fiaraha-monina ary afaka mandray anjara amin' ny fitadiavam-bahaolana ireo manoloana krizy miverimberina idiran' ny firenena eo amin' ny lafiny tontolo iainana, sosialy, toekarena ary politika. Izany politika nampanarahana toetr' andro izany dia manambara ny fiafaran' ny zavatra natao ary manondro ny sori-dàlana momba ny paikady arahina ary koa ny sehatra fanatanterahana ny asa aman-draharaha momba ny *ErEDD*.

**III.** VOTOATINY

Anisan' ireo mamiratra amin' ny fananana ny fahasamihafan' ny zava-manan' aina ao aminy manerana izao tontolo izao, Madagasikara dia manana ny karazan-java-manan' aina tsy fahita firy manokana. Araka izany, ohatra amin' izany, amin' ny karazan-javamaniry 14 000 misy eto amin' ny Nosy, 9 700 dia tsy fahita firy afa-tsy eto ihany. Ankoatra izany, io taha io dia 100% ho an' ny karazana gidro 101 fantatra hatramin' izao. Na izany aza anefa, io harena voajanahary io dia tandindomin-doza satria ny karazana 383 dia hita ao amin' ny lisitra mena ao amin' ny *IUCN* amin' ny karazana tandindomin-doza ka ny 41 amin' ireo dia efa ahiana ho lany tamingana mihitsy[10].

Ny fahasimban' ny tontolo iainana dia tsy azo sarahina amin' ny fahantrana. Ny ankamaroan' ny mponina dia miaina eny ambanivohitra avokoa amin' ny taha 80% ary miankina be loatra amin' ny harena avy amin' ny ala indrindra ny filana amin' ny angovo (kitay sy arina fandrehitra). Hita fototra fa mibahana ny salan-taonan' ny tanora satria 20% dia zaza 5 taona no midina ary 49% dia 15 taona no midina. Ankoatra izany, ny tahan' ny fahaiza-mamaky teny sy manoratra dia 71, 4% ho an' ny 15 taona no miakatra tamin' ny 2009[11].

Ny filaminan' ny fampiasam-bola hamokarana amin' ny tontolo iainana dia fanamby lehibe ihany koa. Efa maro ny ezaka efa vita tamin' izany hita tamin' ny fametrahana ny didim-panjakana Mametraka ny fampifaneranana ny Fampiasam-bola hamokarana amin' ny Tontolo iainana *(MECIE)*. Na izany aza anefa, ny fitrandrahana lehibe sasantsasany dia mbola miteraka fahasimbana goavana amin' ny tontolo iainana eo anivon' ireo toerana anaovany asa aman-draharaha. Ny fitrandrahana madinika kosa, ny voka-dratsiny mitohitohy dia miteraka ihany koa fiantraikany amin' ny tontolo iainana tsy azo tsinontsinoavina. Izany dia tsy fehezin' ny didim-panjakana *MECIE* nefa ny fehezan-dalàna ataon' ny Kaominina no mandray an-tanana azy.

10 REEM 2012, p 10
11 INSTAT, EPM 2010

La mise à jour de la PERE s'impose alors. Par ailleurs, une réorientation du système éducatif dans toutes ses formes (formel, non formel et informel) est nécessaire pour former des citoyens aptes à concilier développement économique, progrès social et protection de l'environnement. Bref, l'enjeu est d'obtenir un capital humain réceptif aux valeurs véhiculées par le concept de développement durable pour la construction d'une nation forte et prospère.

L'objet de ce document est de formuler une politique visant l'instauration, à l'échelle nationale, de l'éducation environnementale, outil indispensable pour le pays dans la marche vers le développement durable (DD). Ce qui implique de donner une orientation aux acteurs afin d'assurer une harmonisation de toutes les actions allant dans le sens de l'éducation relative à l'environnement.

L'ErE constitue un moyen pour une transformation de la société et peut contribuer à solutionner les crises récurrentes qui minent le pays sur le plan environnemental, social, économique et politique. Cette politique actualisée énonce la finalité et indique les orientations stratégiques ainsi que le cadre de mise en œuvre des activités d'ErEDD.

**III.** CONTEXTE

Figurant parmi les hots spots mondiaux de la biodiversité, Madagascar présente un niveau d'endémicité exceptionnel. Ainsi, par exemple, sur les 14 000 espèces de plantes que l'île renferme 9 700 sont endémiques. Mieux encore, ce taux est de 100% pour les 101 espèces de lémuriens découverts jusqu'ici. Cette richesse naturelle est toutefois menacée car 383 espèces figurent dans la liste rouge de l'IUCN des espèces menacées dont 41 en danger critique de disparition[10].

La dégradation de l'environnement ne saurait être dissociée de la pauvreté. La population est majoritairement rurale avec un taux de 80% et présente une forte dépendance vis-à-vis des ressources forestières surtout pour les besoins en énergie (bois de chauffe et charbon de bois). Une prédominance de la classe d'âge des jeunes est aussi constatée car 20% sont âgés de 5 ans ou moins et 49% ont 15 ans ou moins. Par ailleurs, le taux d'alphabétisation des 15 ans et plus est de 71, 4% en 2009[11].

L'harmonisation des investissements avec l'environnement constitue également un défi majeur. Des efforts sont déjà engagés dans ce sens vu la mise en place du décret de Mise en compatibilité des Investissements avec l'Environnement (MECIE). Certaines grandes exploitations continuent néanmoins de causer de gros dégâts sur l'environnement au niveau de leur site d'activité. Quant aux petites exploitations, leurs effets cumulés produisent également des impacts environnementaux non négligeables. Celles-ci n'étant pas soumises au décret MECIE mais sont plutôt prises en charge par les textes communaux.

10 REEM 2012, P 10
11 INSTAT, EPM 2010

Amin' ireo fanamby dia hita ihany koa ny famongorana ny fivarotana an-tsokosoko ireo karazam-biby sy zavamaniry, ka anisan' izany ny fivarotana an-tsokosoko andramena izay zary lasa mampalaza ratsy an' i Madagasikara. Ahiana ho mandray anjara amin' izany varotra tsy ara-dalàna izany ny olona mitana toerana ambony amin' ny sehatra ara-toekarena sy politika. Izany dia ilàna tanteraka ny *ErE* amin' ny ambaratonga rehetra, mifanindran-dalana amin' izany ny ady amin' ny kolikoly.

Ho fanampin' izany toetoetry ny mponina izany sy izany zava-misy ara-tontolo iainana izany, ny krizy politika miverimberina eto amin' ny firenena hatramin' ny hahazoana ny fahaleovantena dia manazava ny fampikatsoana ny fitotonganan' ny toekarena. Ny 2007 hatramin' ny 2010, dia hita ny fiakaran' ny fahantrana mihoatra ny 66, 4% hatramin' ny 76, 5%. Mihoatra ny antsasa-manilan' ny mponina (56,5%) dia miaina ao anatin' ny fahantrana lalim-paka[12]. Madagasikara dia hita araka izany fa tsy afaka ahatratra mihoatra ny *OMD* iray amin' ny 8 hatramin' ny 2015. Hatramin' ny 2010 anefa *OMD* 3 amin' ny 8 no efa noheverina fa ho tratra[13]. Ny taona 2012, nanana ny taham-pampandrosoana ny maha-olona *(IDH)* 0.483, Madagasikara dia nitana ny laharana faha-151 amin' ny firenena 187 maneran-tany[14].

Ny fahasimban' ny tontolo iainana dia avy amin' ny Olombelona, nefa izy ihany koa no afaka mamerina amin' ny laoniny sy mikajy izany. Amin' izany, ny *ErEDD* dia mitana anjara toerana lehibe eo amin' ny fanovana ny toe-tsain' ny isam-batan' olona, mba handray andraikitra eo amin' ny tontolo iainana misy azy.

Ankoatra izay, ny traikefa dia maneho ny fifandraisana akaiky eo amin' ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana ny sosialy sy toekarena ny mponina satria tsy misy ny fampandrosoana raha tsy misy ny fiarovana ny tontolo iainana.

Ambonin' ny asa fiarovana ny tontolo iainana fotsiny izay maneho ny fetra ao aminy, ny *DD* miaraka amin' ireo singa telo mandrafitra azy (toekarena, sosialy ary tontolo iainana) no mandrafitra araka izany ny tanjona tiana hotratrarina amin' ireo asa rehetra sahanina. Ny *ErE* dia lasa fitaovana manan-danja mba hahatratrarana io tanjona faratampony io. Noho izany, dia ilaina ny mampiditra ny foto-kevitra momba ny fampandrosoana maharitra amin' ny fanaovana tsy ho maty paikandro ny *PERE*.

Na dia eo aza ny fetra hita fototra, ny *PERE* dia naneho araka izany ny maha izy azy : ny famolavolana izany politika izany dia milaza ny fahavononan' ny ambaratongam-pitondrana ao amin' ny Fanjakana hiaro ny tontolo iainana, ny hamaroan' ny mpisehatra dia ahatsapana ny fahavononan' ny mpiara-miombon' antoka, ankoatra izany ao anatin' ny sehatry ny *PERE* ihany koa no nahafahana nametraka ireo Vondrona misahana ny tontolo iainana eo anivon' ny Departemanta any amin' ny Minisitera tsirairay.

Eo amin' ny sehatry ny firenena, ny *PErEDD* dia voasoratra ao amin' ny Lalàmpanorenan' ny Repoblikan' i Madagasikara ary koa ny Dina mifehy ny Tontolo iainana Malagasy. Eo amin' ny sehatra iraisam-pirenena, ny Fihaonambe natao tany Rio de Janeiro ary koa ny *OMD* dia mandrafitra ihany koa ny sehatra fitsiahy.

**IV.** Foto-kevitra momba ny PErEDD

Izany politika izany dia mifototra amin' ireo foto-kevi-dehibe mifehy ny *DD* :

- Ny foto-kevitra momba ny fitandremana dia mitaona mba tsy hiandry ny fahasimbana tanteraka vao handray andraikitra ary torak' izany ihany koa, ny foto-kevitra momba ny fisorohana dia misarika ny saina amin' ilay fiteny hoe «aleo misoroka toy izay mitsabo». Mifototra amin' ireo foto-kevitra roa ireo ny Fanabeazana;

12 REEM 2012, p 8

13 Fandaharanasa vonjimaika ataon' ny Firenena Mikambana eto Madagasikara 2012-2013, p 5

14 Tatitra mikasika ny fampandrosoana ny maha olona, PNUD, 2013, p 162.

Parmi les défis figure aussi l'éradication des trafics illicites d'espèces animales et végétales dont entre autres le trafic de bois de rose qui rend Madagascar tristement célèbre. Des individus appartenant aux sphères économiques et politiques sont soupçonnés de participer à ces commerces illégaux. Ce qui implique un besoin profond en matière d'ErE à tous les niveaux, en parallèle à la lutte contre la corruption.

Couplées à ces caractéristiques démographiques et cette situation environnementale, les crises politiques récurrentes dans le pays depuis l'indépendance expliquent la stagnation, voir la régression de l'économie. De 2007 à 2010, on a vu l'incidence de pauvreté passer de 66, 4% à 76, 5%. Plus de la moitié de la population (56, 5%) vit dans la pauvreté extrême[12]. Madagascar se trouve désormais dans l'impossibilité d'atteindre plus d'un OMD sur 8 d'ici à 2015. Jusqu'en 2010 pourtant 3 OMD sur 8 étaient susceptibles d'être atteints[13]. Avec un indice de développement humain (IDH) de 0.483 en 2012, Madagascar se situe ainsi au 151ème rang mondial sur un total de 187 pays[14].

La dégradation de l'environnement vient de ce fait de l'Homme, mais il en va de même pour sa restauration et sa préservation. A cet effet, l'ErEDD joue un rôle prépondérant quant au changement de mentalité de chaque individu à adopter des comportements responsables envers son environnement.

Par ailleurs, des expérimentations ont démontré le lien fort entre la préservation de l'environnement et le développement socio-économique de la population car il n'y a pas de développement sans conservation de l'environnement.

Par de-là la protection de l'environnement pure qui a montré ses limites, le DD avec ses trois composantes (économie, social et écologie) constitue désormais la finalité que l'on veut donner à toute action. L'ErE devient un outil indispensable pour parvenir à cet objectif ultime. D'où la nécessité de l'introduction du concept de développement durable dans la mise à jour de la PERE.

Malgré les limités constatées, la PERE présente néanmoins certains points forts : l'élaboration de cette politique traduit la volonté des instances étatiques à protéger l'environnement, le nombre élevé des acteurs démontre le fort engagement des partenaires, par ailleurs c'est également dans le cadre de la PERE que les Cellules Environnementales au sein de chaque Département ministériel ont vu le jour.

Sur le plan national, la PErEDD s'inscrit dans le cadre de la Constitution de la République de Madagascar ainsi que la Charte de l'Environnement Malagasy. Sur le plan international, les Sommets de Rio de Janeiro ainsi que l'OMD constituent également un cadre de référence.

**IV.** Principes de la PErEDD

Cette politique trouve ses fondements dans les grands principes régissant le DD :

- Le Principe de précaution incite à ne pas attendre l'irréparable pour agir et dans la même lignée, le principe de prévention interpelle sur l'adage «mieux vaut prévenir que guérir». A la base de ces deux principes se trouve donc l'Education;

12 REEM 2012, p 8

13 Programme intérimaire des Nations Unies à Madagascar 2012-2013, p 5

14 Rapport sur le développement humain, PNUD, 2013, p 162.

**VI. NY LOHAHEVITRA MIKASIKA NY TONTOLO IAINANA**

Ny fampiharana ny *ErEDD* dia tsy maintsy amin' ny alalan' ny fikirakirana ny lohahevitra mikasika ny tontolo iainana, izay iompanany. Ireo lohahevitra mikasika ny tontolo iainana ireo izay nodinihina ao anatin' ny sehatry ny *ErEDD* dia mizara sokajy roa : ny lohahevitra mifandray mivantana amin' ny tontolo fizika sy ireo mikasika fiaraha-monina.

Ny lohahevitra mifandraika amin' ny tontolo dia :

- Ny fandotoana sy ny fako;
- Ny fiovaovan' ny toetr' andro;
- Ny olana mikasika ny tontolo iainana ateraky ny fitrandrahana harena an-kibon' ny tany;
- Ny fanimbana ny ala, tafiditra amin' izany ny doro tanety sy ny fanapahana tsy ara-dalàna;
- Ny fahasimban' ny tany;
- Ny fandrosoan' ny tany hay;
- Ny fitantanana ara-drariny ireo harena voajanahary;
- Ny fitantanana ireo faritra an-dranomasina sy amorontsiraka, tafiditra amin' izany ny ady amin' ny fikaohin' ny riaka ny morontsiraka ary ny fiarovana ny ala honko sy ny harambato.

Ny lohahevitra mikasika ny fiaraha-monina dia :

- Ny ady amin' ny fahantrana;
- Ny fitantanana ny fitomboan' ny mponina sy ny fanatsarana ny fiainana ara-tsosialy;
- Ny fitantanana ny fifindra-monina anatiny ka isan' izany ny fifindrana mankany an-drenivohitra;
- Ny fampidirana ny *ErEDD* amin' ny zotram-pamokarana;
- Ny fisorohana sy ny ady amin' ny loza voajanahary sy artifisialy;
- Ny Tontolo iainana sy ny Kolontsaina.

Ny mpisehatra tsirairay dia tsy maintsy mampifandraika ny lohahevitra nofidiny arakaraka ny politika isan-tsokajy sy ny mampiavaka azy any amin' ny Faritra.

Azon' ny Filankevi-pirenena momba ny *ErEDD (CNErEDD)* atao ny manolotra lohahevitra hafa arakaraka ny fivoaran' ny votoatiny mikasika ny tontolo iainana eto amin' ny firenena.

**VII. TANJONA**

Ny *ErEDD* dia manana tanjona fototra amin' ny fampiroboroboana ny fahatongavan-tsaina momba ny tontolo iainana amin' ny isam-batan' olona mba ahafahana manovo fahalalana, fahaiza-manao ary ny fahaiza-miaina irosoana amin' ny fampandrosoana maharitra.

Ny amin' ny tanjona manokana kosa, dia misokajy toy izao manaraka izao :

- fanentanana ny mponina ho tonga saina manoloana ny tontolo iainana misy azy, amin' ny alalan' ny famohazana ny hambom-pony, ny fanehoana ny hatsarana, ny maha-tokana an-tany sy ny tombontsoa izay mahaliana an' izao tontolo izao;
- fivoizana ny finiavan' ny Firenena manontolo amin' ny fanajana ny aina sy ny tontolo iainana;
- fametrahana ny firaisankinam-pirenena izay fepetra hisian' ny filaminana ao anatin' ny fiaraha-miaina;
- fametrahana ny fanajana ny fahasamihafana izay miainga amin' ny fanajana ny tena sy ny hafa;
- fitaomana ny olom-pirenena tsirairay hampiditra ny fotokevitra momba ny fampandrosoana maharitra sy ny fitantanana ara-drariny ireo loharanon-karena voajanahary amin' ny asa rehetra : na eo amin' ny asa aman-draharaha fivelomana izany na eo amin' ny fiainana andavanandro.

**VIII. VINA**

Ny *PErEDD* dia mivoy ny fanabeazana izay mikendry ny fanofanana ny olom-pirenena handray andraikitra, hiray hina sy

**VI. LES THÉMATIQUES ENVIRONNEMENTALES**

L'application de l'ErEDD ne peut se faire qu'à travers le traitement des thématiques environnementales qui en constituent l'objet. Ces thématiques environnementales étudiées dans le cadre de l'ErEDD sont subdivisées en deux catégories : les thématiques en relation directe avec le milieu physique et celles se rapportant aux sociétés humaines.

Les thématiques en rapport avec le milieu sont :

- La pollution et les déchets;
- Le changement climatique;
- Les problèmes environnementaux engendrés par l'extraction minière;
- La déforestation, incluant entre autres les feux de brousse et les coupes illicites;
- La dégradation du sol;
- La désertification;
- La gestion rationnelle des ressources naturelles;
- La gestion des zones marines et côtières, incluant entre autre la lutte contre l'érosion marine et côtière et la protection des mangroves et des récifs coralliens.

Les thématiques relatives aux sociétés humaines sont :

- La lutte contre la pauvreté;
- La gestion de la croissance démographique et l'amélioration de la vie sociale;
- La gestion de la migration interne incluant l'exode rural;
- L'intégration de l'ErEDD dans les processus de production;
- La prévention et la lutte contre les différents fléaux naturels ou artificiels;
- L'Environnement et la Culture.

Chaque acteur est tenu d'adapter la thématique choisie suivant les politiques sectorielles et les spécificités régionales.

D'autres thématiques peuvent être proposées par le Conseil National de l'ErEDD (CNErEDD) selon l'évolution du contexte environnemental du pays.

**VII. OBJECTIFS**

L'ErEDD a pour objectif principal de développer la conscience environnementale de chaque individu pour l'acquisition de savoir, de savoir-faire et de savoir être allant dans le sens du développement durable.

Quant aux objectifs spécifiques, ils se déclinent comme suit :

- mobiliser la conscience environnementale de la population en réveillant en elle la fierté, en lui révélant la beauté, le caractère unique et l'intérêt que porte le monde entier à son environnement;
- promouvoir en élan national de respect de la vie et de l'environnement;
- instaurer le concept de solidarité nationale sans lequel notre Nation ne saurait retrouver le bonheur de vivre ensemble;
- inculquer le respect de la différence et partant le respect de l'autre et de soi-même;
- inciter chaque citoyen à inclure la notion de développement durable et de gestion rationnelle des ressources dans toutes actions : autant dans les activités professionnelles que dans la vie quotidienne.

**VIII. FINALITÉ**

La PErEDD promeut une éducation visant à former des citoyens responsables, solidaires et engagés à agir individuellement et

vonon-kiasa irery na miaraka, ao anatinà tontolo iainana mirindra ho amin' ny fampandrosoana maharitra eto amin' ny Firenena.

**IX.** SORI-DALANA MOMBA NY PAIKADY ARAHINA

Ny sori-dàlana momba ny paikady arahina no ivon' ny *PErEDD* satria ny mpisehatra sy ny mpandray anjara dia tsy maintsy miangavy avy amin' ny asa aman-draharaha rehetra amin' ny *ErEDD*. Ahafahana araka izany mandrindra ny asa.

Amporisihina ny fampiasana ny teny malagasy, izay «tenindreny», ho toy ny fitaovam-pifandraisana sy fampitana fahalalana sy fahaizana amin' ny mpiofana rehetra. Izany dia hanampy amin' ny fanamorana ny fampitana ny hafatra momba ny tontolo iainana sy amin' ny fifankazahoana eo amin' ny fanatanterahana ny asa *ErEDD* izay nampiroboroboana araka izany.

Ny *PErEDD* dia mizara ho sori-dàlana momba ny paikady arahina enina (6).

9.1 ***Fampidirana ny foto-kevitra momba ny ErEDD amin' ny asa aman-draharaha rehetra momba ny fanabeazana sy fanofanana, amin' ny fampifanarahana ny amin' ny zava-misy eo an-toerana.***

- Fampidirana ny *ErEDD* ao amin' ny rafi-pampianarana sy fanofanana miankina na ny tsy miankina amin' ny Fanjakana (manara-drafitra, malala-drafitra, tsy manara-drafitra) amin' ny votoatiny, ny fomba fampianarana sy fianarana ary koa ny fanamafisana ny fahaiza-manao.
- Fampidirana ny *ErEDD* amin' ny fanofanana am-boalohany sy mitohy ny mpanabe rehetra, mpampianatra sy ny mpampiofana.
- Fampiroboroboana ny lalam-piofanana amin' asa aman-draharaha natokana amin' ny asa maitso ahatongavana amin' ny toekarena maitso.

9.2 ***Famoronana Vovonana hanamorana ny fifanakalozana, ny fandrindrana maharitra ary ny fizohina sy fanombanana mba hampivoitra fiaraha-miasa maty paika eo amin' ireo mpisehatra rehetra amin' ny fanatanterahana ny PErEDD.***

- Fametrahana Vovonana fifanakalozam-baovao sy traikefa mba hiantohana ny fandrindrana mikasika ny *ErEDD*, hanomezan-danja ny fihaonana sy hanome vahana ny mpiantsehatra hanatontosa ny tetikasany sy hiasa eo antoerana.
- Fampiroboroboana ny fiaraha-miasa mitohy, ny fifamenoana ary ny fiaraha-miombon' antoka maty paika eo amin' ireo sehatra rehetra mba hiantohana ny fananana eo ampelatanana ny loharanon-karena rehetra ilaina amin' ny famoronana, ny fandaminana, ny fanatanterahana, ny fizohina, ny fanombanana ary ny fandrindrana ny asa amin' ny *ErEDD*.

9.3 ***Fifandraisana maharitra amin' ny toerana rehetra momba ny ErEDD amin' ny asa aman-draharaha fampahalalam-baovao, ny NTIC sy fiaraha-monina***

- Adidy aman' andraikitry ny mpisehatra rehetra ao anatin' ny sehatry ny fifandraisana mikasika ny fampahalalam-baovao sy ny *NTIC*, ny fampidirana ny lafiny *ErEDD* amin' ny asa ataony tsirairay avy.
- Ao anatin' ny sehatry ny fanabeazana tsy manara-drafitra, fametrahana paikady arahina amin' ny fifandraisana mahatafiditra ny mpisehatra sy ny mpirotsaka an-tsehatra amin' ny *ErEDD* isaky ny sehatra sy eo anivon' ny fiarahamonina mba ahafahana mikendry ny olona amin' ny ambaratonga rehetra.

9.4 ***Fampivondronana ny fahalalana sy fampiroboroboana ny fikarohana***

- Fitantanana ny fahaizana sy ny fahalalana, fampivondronana ny traikefa, famoronana foibem-pirenena momba ny fanofanana sy fikarohana mikasika ny tontolo iainana sy fampitoviana lenta ny fanofanana rehetra mba hampisy

collectivement dans un environnement harmonieux pour un développement durable du pays.

**IX.** ORIENTATIONS STRATÉGIQUES

Les orientations stratégiques constituent le noyau dur de la PErEDD car les acteurs et les parties prenantes devront s'y référer dans toute activité d'ErEDD. Elles permettent donc l'harmonisation des actions.

L'utilisation de la langue Malagasy, «langue maternelle», comme outil de communication et de transmission de tous les savoirs et connaissances à tous les apprenants est fortement recommandée. Ceci aidera en effet à faciliter la communication des messages environnementaux et à la compréhension mutuelle dans les actions d'ErEDD ainsi développées.

La PErEDD est déclinée en six (6) orientations stratégiques.

9.1 ***Intégration du concept de l'ErEDD dans toute activité d'éducation et de formation tout en adaptant les actions aux réalités locales.***

- Intégration de l'ErEDD dans le système éducatif et de formation publique et privée (formel, informel et non-formel) en termes de contenu, de méthodes d'apprentissage et d'enseignement ainsi que de renforcement de capacité.
- Intégration de l'ErEDD dans la formation initiale et continue de tout éducateur, enseignant et formateur.
- Développement des filières de formation professionnelle destinées aux emplois verts pour parvenir à l'économie verte.

9.2 ***Création d'une Plateforme pour favoriser l'échange, la coordination permanente et le suivi-évaluation pour l'avènement d'un partenariat stratégique entre tous les acteurs dans la mise en œuvre de la PErEDD.***

- Mise en place d'une Plateforme d'échange d'information et d'expérience pour assurer la coordination en matière d'ErEDD, favoriser la rencontre et donner aux différents acteurs l'opportunité de concrétiser leurs projets et d'agir localement.
- Développement d'une collaboration permanente, d'une complémentarité et d'un partenariat stratégique entre tous les secteurs pour assurer la disponibilité de toutes les ressources nécessaires à la conception, la planification, la mise en œuvre, le suivi, l'évaluation et la coordination des actions en ErEDD.

9.3 ***Communication omniprésente de l'ErEDD dans les activités médiatiques, de la NTIC et communautaires***

- Obligation pour tous les acteurs dans le domaine de la communication médiatique et de la NTIC d'insérer le volet ErEDD dans leur support respectif.
- Dans le cadre de l'éducation informelle, instaurer des stratégies de communication impliquant les acteurs et intervenants en ErEDD dans chaque secteur et au niveau communautaire afin d'atteindre les cibles à tous les niveaux.

9.4 ***Capitalisation des connaissances et promotion de la recherche***

- Gestion des savoirs et des connaissances, capitalisation des expériences, création d'un Centre national de formation et de recherche en environnement et mise à niveau des formations pour

fifankazahoan-kevitra sy fanaovana tsy ho maty paik' andro ny fampiharana ny *ErEDD*;
- Fampiroboroboana sy fanomezan-danja ny fikarohana sy hevi-baovao mifandraika amin' ny *ErEDD* mba ahafahana ho maty paika ny asa aman-draharaha sy ny asa izay miantraika eo amin' ny fiainan' ny mponina.

9.5 ***Faneken' ny Fanjakana eo amin' ny lafiny asa aman-draharaha sy famatsiam-bola***

Amin' ny maha tompon' andraikitry ny fitantanana azy :
- Ny Fanjakana dia manome lanja ny maha-zava-dehibe ny *ErEDD*, amin' ny fampidirana azy ho isan' ny laharam-pahamehana ho an' ny sehatra tsirairay.
- Ny Fanjakana dia mampiasa vola amin' ny *ErEDD* eo amin' ny lafiny lavitra ezaka, amin' ny alalan' ny fanokanana tetibola ara-dalana sy maharitra. Izany no fepetra ahafahan' ny firenena mizotra mankany amin' ny fampandrosoana maharitra.

9.6 ***Faneken' ny mpisehatra rehetra sy ny mpandray anjara rehetra handray anjara sy hanampy amin' ny ErEDD eo amin' ny lafiny asa aman-draharaha sy vola***
- Faneken' ny mpandray anjara rehetra tsy miankina amin' ny Fanjakana izay miasa amin' ny sehatry ny tontolo iainana na mpitrandraka ny loharanon-karena voajanahary, hiditra amin' ny asa aman-draharaha sy handray anjara eo amin' ny lafiny tetibola amin' ny *ErEDD*.

**X.** SEHATRY NY FANATANTERAHANA

Ny fanatanterahana ny *PErEDD* dia mitaky ny fametrahana seha-pitantanana sy seha-pamatsiam-bola mazava. Izany dia tanterahina amin' ny alalan' ny Drafitrasa izay ananan' ny mpisehatra sy ny mpandray anjara ny asa ampanaovina azy tsirairay avy.

10.1- ***Seha-pitantanana***

Ny fandrindrana ny *PErEDD* dia andraikitry ny Minisitera miandraikitra ny Tontolo iainana. Raha ny amin' ny fampiharana azy indray, dia iantohan' ny mpisehatra rehetra amin' ny sehatrasa samihafa araka ny sehatra firotsahana an-tsehatra telo amin' ny *ErEDD* (manara-drafitra, malala-drafitra, tsy manara-drafitra).

*Eo anivon' ny firenena*

Andaniny, ny Minisitera miandraikitra ny Tontolo iainana dia tohanan' ny Filankevi-pirenena momba ny *ErEDD (CNErEDD)*, rantsa-mangaika fakan-kevitra, ahitana ny Departemanta any amin' ny Minisitera, ny *ONGs* ary ny fikambanana voakasika, ary ankilany ny Sekretaria Mpanatanteraka ao amin' ny *PErEDD*.

Ny lisitry ny mpikambana ao amin' ny *CNErEDD* sy ny Sekretaria Mpanatanteraka, ary koa ny anjara raharahan' izy ireo avy dia ferana amin' ny alalan' ny didy amam-pitsipika.

*Eo anivon' ny faritra*

Famoronana Vovonana any amin' ny Faritra momba ny *ErEDD* ka ny mpikambana dia atsangana amin' ny alalan' ny mpisehatra rehetra any amin' ny Faritra.

Ny Vovonana any amin' ny Faritra dia apetraka amin' ny alalan' ny rijan-tenim-paritra.

10.2. ***Seha-pamatsiam-bola***

Fametrahana kitapom-bola amin' ny alalan' ny didy amam-pitsipika mba hiantohana ny fanatanterahana sy ny fizohina-fanombanana ny *PErEDD*.

Ankoatra izany, dia hampiroboroboana ny fomba famatsiam-bola mateza vaovao ahafahana miantoka ny famatsiam-bola maharitra ny asa aman-draharaha tanterahina amin' ny *PErEDD*.

10.3. ***Drafitrasa***

Ny Politikan' ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana ho amin' ny Fampandrosoana Maharitra dia tanterahina amin' ny alalan' ny Drafitrasa atao laharam-pahamehana izay ampiroboroboana arakaraky ny Sehatra voakasika.

Ny fampiharana izany dia atao amin' ny alalan' ny fiaraha-miasa amin' ny mpisehatra sy ny mpandray anjara.

permettre une compréhension commune et une mise à jour régulière de la pratique de l'ErEDD.
- Promotion et valorisation de la recherche et des innovations se rapportant à l'ErEDD pour permettre la mise au point d'activités et de travaux ayant des impacts pratiques dans la vie des populations.

9.5 ***Engagement de l'Etat en termes d'activité et de financement***

De par son rôle régalien :
- L'Etat met en avant l'importance de l'ErEDD en l'introduisant parmi les programmes prioritaires pour chaque secteur.
- L'Etat investit dans l'ErEDD sur le long terme par une allocation budgétaire régulière et permanente. Ceci étant la condition pour que le pays accède au développement durable.

9.6 ***Engagement de tous les acteurs et de toutes les parties prenantes à participer et à contribuer dans l'ErEDD en termes d'activité et monétaire.***
- Engagement de toutes les parties non étatiques œuvrant dans le domaine de l'environnement ou exploitant les ressources naturelles à s'intégrer en terme d'activités et à contribuer en terme budgétaire dans l'ErEDD.

**X.** CADRE DE MISE EN ŒUVRE

La mise en œuvre de la PErEDD nécessite la mise en place d'un cadre institutionnel et d'un cadre de financement. Elle sera traduite en Plan d'action où tous les acteurs et les parties prenantes ont leur rôle à jouer.

10.1- ***Cadre institutionnel***

La coordination de la PErEDD relève du Ministère chargé de l'Environnement. Quant à sa mise en œuvre, elle est assurée par tous les acteurs dans les différents secteurs d'activités selon les trois domaines d'intervention de l'ErEDD (formel, non formel et informel).

*Au niveau national*

Le Ministre chargé de l'Environnement est appuyé d'une part par le Conseil National de l'ErEDD (CNErEDD), un organe consultatif, composé par les Départements ministériels, les ONGs et les associations concernés, et d'autre part par le Secrétariat Exécutif de la PErEDD.

La liste des membres du CNErEDD et du Secrétariat Exécutif, ainsi que leurs attributions respectives seront fixées par voie réglementaire.

*Au niveau régional*

Création de la Plateforme régionale de l'ErEDD dont les membres sont constitués par tous les acteurs régionaux.

Les Plateformes régionales seront mises en place par texte régional.

10.2 ***Cadre de financement***

Mise en place d'un «basket-fund» par voie réglementaire pour assurer la mise en œuvre et le suivi-évaluation de la PErEDD.

Par ailleurs, de nouveaux mécanismes de financement pérenne seront à développer pour assurer le financement durable des activités de mise en œuvre de la PErEDD.

10.3 ***Plan d'action***

La Politique de l'Education relative à l'Environnement pour le Développement Durable sera traduite en Plan d'action prioritaire qui sera développé en fonction des Secteurs concernés.

La mise en œuvre sera réalisée en collaboration avec les secteurs et les parties prenantes.

Izany politika izany sy ny Drafitrasa avy aminy dia mirafitra ho seha-pitsiahy ho an' ny asa rehetra sahanina mikasika ny *ErEDD* eto Madagasikara.

Ny Drafitrasa laharam-pahamehana amin' ny *PErEDD* dia tanterahina amin' ny alalan' ny drafitrasa isan-tsehatra izay samy hanana lohahevitra momba ny tontolo iainana avy.

10.4. ***Mpisehatra sy mpandray anjara***

Ny mpisehatra momba ny tontolo iainana sy ny mpandray anjara amin' ny *ErEDD* dia vatantenan' olona sy fikambanana manana ny zo sy adidy aman' andraikitra amin' ny fitantanana ny tontolo iainana.

Sehatra maro no ahitana azy ireo, raha tsy hitanisa afa-tsy ny Foibem-piofanana, ny Ivotoerana, ny Toeram-pampianarana (fampianarana amin' ny ankapobe sy teknika), ny Fikambanana, ny *ONGs*, ny Fiaraha-monim-pirenena, ny mpandraharaha ara-toekarena sy ny mpamatsy vola, ny Departemanta isan-tsehatra, ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana *(CTDs)*, ny Vondron' olona ifotony, ny olom-boafidy, ny mpivoy tsangan-kevitra, ny mpitarika antoko politika, ny vondrona manao fanerena, ny vondrona mpiray tombontsoa, ny ray aman-drenin' ny mpianatra.

Araka ny fahafahana misy eo an-tanana ary koa ny olona kendrena, ny mpisehatra sy ny mpandray anjara dia malalaka hirotsaka an-tsehatra amin' ny sehatra telo momba ny fanabeazana : manara-drafitra, malala-drafitra, tsy manara-drafitra.

**XI.** FEPETRA AMIN' NY FAHOMBIAZANA

Ny fahombiazan' izao politika izao dia miankina amin' ny :

- Faharetan' ireo ambaratonga ao amin' ny Fanjakana :

Araka izany, ny tsy fitohizan' ny fitondram-panjakana vokatry ny fahasahiranan' ny Fanjakana hiditra amin' ny fahamarinan-toerana ara-politika maharitra dia zary olana maharitra amin' ny fanatanterahana ny *PErEDD*.

- Fisian' ny mpandimby :

Efa hatry ny ela, ny fisian' ny politika mitoetra ho soratra fotsiny dia hita matetika. Noho ny fandehanana misotro ronono na ny fahafatesan' ny mpamolavola izany, tsy misy mihitsy famindran-draharaha ary ny tahirin-kevitra dia zary hadino hatramin' ny fisiany.

**XII.** FAMINTINANA

Ny Politikam-pirenena momba ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana ho amin' ny Fampandrosoana maharitra, izay ahitana Sori-dàlana maty paika enina, dia ny politika novolavolaina araka ny foto-kevitra vaovao.

Ny sehatra fampiharana azy dia mahasahana faran' izay malalaka andian' ny mpisehatra, mpandray anjara ary olona kendrena. Izany dia miantefa amin' ny isam-batan' olona nefa ihany koa amin' ny vondrom-bahoaka, amin' ny sehatra miankina amin' ny Fanjakana sy amin' ny sehatra tsy miankina amin' ny Fanjakana. Raha ny mahakasika ny Fanabeazana momba ny tontolo iainana hatramin' izao, na manara-drafitra izany, na malala-drafitra, na koa tsy manara-drafitra, ny fampandrosoana maharitra no votoatin-dresaka. Fanampin' izay, ny maha maro lafy ny tontolo iainana dia mahatonga ny *PErEDD* ho politika izay tokony hojeren' ny seha-pampandrosoana rehetra amin' ny famolavolana ny politikam-pampandrosoany avy.

Ny fanatanterahana ny Politikam-pirenena momba ny Fanabeazana mikasika ny Tontolo iainana ho amin' ny Fampandrosoana Maharitra dia mandray anjara araka izany amin' ny fananganana Firenena manatanteraka ny asany maharitra. Amin' izany fahavitrihana izany, ny Minisitera miandraikitra ny Tontolo iainana dia miasa ho mpampifandray sy ho mpanaitra.

*Avy amin' ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta,*
Jean Omer BERIZIKY.

Cette politique et le Plan d'action qui en découle constituent le cadre de référence pour toute action à entreprendre en matière d'ErEDD à Madagascar.

Le Plan d'action prioritaire de la PErEDD sera traduit en plans d'actions sectoriels lesquels comprendront des thématiques environnementales.

10.4 ***Acteurs et parties prenantes***

Les acteurs environnementaux et les parties prenantes à l'ErEDD sont constitués par toute personne physique et morale ayant des droits et obligations dans la gestion de l'environnement.

Ils sont constitués par un large éventail, pour ne citer que les Centres de formation, les Instituts, les Etablissements scolaires (enseignement général et technique), les Associations, les ONGs, les Sociétés civiles, les opérateurs économiques et les investisseurs, les Départements sectoriels, les Collectivités Territoriales Décentralisées (CTDs), les Communautés de base (COBA), les élus, les leaders d'opinion, les leaders des partis politiques, les groupes de pression, les groupes d'intérêt, les parents d'élèves.

Selon les moyens dont ils disposent ainsi que leur cible, les acteurs et les parties prenantes sont libres d'intervenir dans les trois domaines de l'éducation : formel, non formel et informel.

**XI.** CONDITIONS DE RÉUSSITE

La réussite de la présente politique est conditionnée par :

- La pérennité des instances étatiques :

En effet, la non-continuité de l'Etat due à la difficulté pour les pays d'accéder à une stabilité politique durable constitue une menace permanente pour la mise en œuvre de la PErEDD.

- La disponibilité de la relève :

De par le passé, le constat de politiques restées lettres mortes n'est pas rare. Suite au départ à la retraite ou au décès de ses élaborateurs, aucune passation n'est effectuée et les documents tombent alors dans l'oubli.

**XII.** CONCLUSION

La Politique Nationale de l'Education Relative à l'Environnement pour le Développement durable, déclinée en six orientations stratégiques est une politique élaborée selon un concept nouveau.

Son champ d'application embrasse un éventail très large d'acteurs, de parties prenantes et de cibles. Elle s'adresse aux individus mais aussi aux collectivités, au secteur public tout autant qu'au secteur privé. En matière d'Education environnementale désormais, tant formelle, non formelle qu'informelle, le développement durable est le maître mot. Qui plus est, l'aspect transversal de l'environnement fait de la PErEDD une politique qui doit être prise en compte par tous les secteurs de développement dans la formulation de leur politique de développement respectif.

La mise en œuvre de la Politique Nationale de l'Education Relative à l'Environnement pour le Développement Durable contribue ainsi à l'avènement d'une Nation inscrivant ses actions dans la pérennité. Dans cette dynamique, le Ministère chargé de l'Environnement fait office d'interface et de catalyseur.

*Par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,*
Jean Omer BERIZIKY.